# COMMUNIQUE  BAS-MANGOKY Février 2026

Dans le contexte actuel où le gouvernement valorise la refondation et l'innovation, il est nécessaire de descendre au niveau local pour constater la réalité et éliminer les mauvaises pratiques qui causent réellement la souffrance de la population.

Parmi les causes de souffrance pour les habitants de la région de Bas Mangoky, district de Morombe, Région Atsimo-Andrefana, figure la distribution illégale des terres par les Comités d'Attribution des Terres (CAT) dans le cadre du projet PII d'aménagement des terres agricoles. Ce projet transforme des parcelles cultivées de maïs, manioc, kabaro, lojy, et autres, en terres de riz s'étendant sur 5000 ha.

Actuellement, de nombreux paysans ne peuvent toujours pas accéder à leurs terres ; d'autres voient leurs terres attribuées à des tiers. Ceux qui refusent cette situation sont menacés d'arrestation et d'emprisonnement.

Parmi ces situations, on note les cas suivants :

Le 6 février 2026, vers 4 heures du matin, quatre policiers se sont rendus au domicile de Madame Adolphe Razafindregaky Solange, 44 ans, résidant au Fokontany Tanivao, Commune rurale d'Ambahikily, pour procéder à son arrestation.

En plus de Madame Solange, les personnes suivantes ont également été arrêtées :

Monsieur Gervais Désiré, 49 ans

Monsieur Hery, 52 ans

Monsieur Mahanatsy, 28 ans

Monsieur Kamagnaritse Jeanty, 32 ans

Tous domiciliés au Fokontany Ampagnarivo, Commune de Tanandava Station.

Motif des arrestations :

Madame Solange est accusée d'avoir engagé des personnes pour assassiner Monsieur Mbola Romain, dit "Pelakelena" (militaire), dans le cadre d'un conflit foncier.

Monsieur Gervais Désiré est accusé d'être son complice.

Messieurs Mahanatsy, Kamagnaritse et Hery sont accusés d'être les auteurs matériels présumés de ce projet de meurtre.

Plaignants :

Contre Madame Solange, Hery, Kamagnaritse et Mahanatsy : Monsieur Mbola Romain, dit Pelakelena.

Contre Monsieur Gervais Désiré : Monsieur Mbola Romain et Monsieur Zafisoa, assistant de M. Mbola Romain sur les terres agricoles.

Déclarations des personnes arrêtées :

Le 7 février 2026, une enquête a été menée. Toutes les personnes arrêtées ont nié les accusations et ont déclaré que ces faits sont fabriqués de toutes pièces. Elles affirment ne pas être en conflit avec le plaignant, mais que c'est ce dernier qui les menace, en déclarant qu'il les fera emprisonner s'ils refusent de quitter leurs terres.

Nouvelle arrestation :

Le dimanche 8 février 2026, vers 4 heures du matin, la police a procédé à l'arrestation de Monsieur Alifred, 75 ans, domicilié à Ankotoboka, Commune rurale d'Ambahikily.

Il est accusé par une autre personne d'avoir menacé de mort quelqu'un à qui la CAT aurait attribué une parcelle de terre. Monsieur Alifred nie catégoriquement ces accusations.

Le mardi 10 février 2026, les personnes arrêtées ont été présentées au Parquet. Le Tribunal de Première Instance a décidé de placer Madame Solange et Monsieur Gervais Désiré sous mandat de dépôt, tandis que les autres ont été relâchés provisoirement.

En conséquence, leur avocat a déposé une demande de liberté définitive pour Madame Solange et Monsieur Gervais Désiré le mercredi 11 février 2026, mais aucune réponse n'a encore été donnée.

**La réalité est que les accusations de menaces de mort et de projet d'assassinat envers les véritables propriétaires fonciers ne correspondent pas aux faits. Ces personnes refusent simplement que leurs terres soient usurpées ou confisquées.**

**Nous lançons donc un appel urgent,** car nous avons des droits en tant que paysans et ceux-ci ne doivent pas être ignorés ou piétinés.

Voici Nos droits des paysans cultivateurs tels qu'ils sont reconnus par les normes internationales et la législation malgache sur la terre et les droits humains :

Droit de conserver leur terre

Les paysans ont le droit de posséder et d'utiliser légalement leurs terres. Celles-ci ne peuvent être prises ou distribuées sans motif légal.

Droit à un procès équitable

En cas de conflit foncier ou de litige avec un bailleur ou un tiers, les paysans ont le droit de demander un jugement équitable et d'éviter toute arrestation ou détention illégale.

Droit de participer aux décisions concernant la terre

Les paysans doivent être impliqués dans les décisions liées à l'attribution, la redistribution ou l'aménagement des terres au sein de leur communauté.

Droit à la protection de l'agriculture et du mode de vie

Aucun projet de redistribution ou d'attribution de terres ne doit nuire aux activités agricoles ou à la vie des paysans.

Droit à l'information

Les paysans ont le droit d'obtenir des informations claires sur la redistribution des terres, les projets d'aménagement foncier et les droits des autres parties dans la région.

Ambahikily 11 Février 2026

**Association Tsy miambany Firaisankina**

**Firaisankina ny Fiherenana, Manombo, Mangoky**

## FANAMBARANA BAS-MANGOKY February 2026

Amin'izao fotoana izao, izay anandratan'ny governemanta ny fanavaozana sy ny fampivoarana, dia ilaina ny midina eny ifotony mba hijerena ny zava-misy marina sy hanafoanana ireo fomba fanao ratsy izay tena mahatonga ny mponina hijaly.

Anisan'ny anton'ny fijalian'ny mponina ao amin'ny faritr'i Bas Mangoky, distrikan'i Morombe, faritra Atsimo-Andrefana, ny fitsinjarana tsy ara-dalàna ny tany ataon'ny Komitin'ny Fitsinjarana Tany (CAT) ao anatin'ny tetikasa fanajariana ny tany fambolena PII. Ity tetikasa ity dia manova ny tanimboly nambolena katsaka, mangahazo, kabaro, lojy ary voly hafa ho lasa tanim-bary mirefy 5.000 hektara.

Amin'izao fotoana izao, maro ireo tantsaha no mbola tsy afaka miditra amin'ny taniny, raha ny hafa kosa nahita ny taniny nomena olon-kafa. Ireo izay mandà sy tsy manaiky izany toe-javatra izany dia ampitahorana ho voasambotra sy higadra.

Anisan'ireo toe-draharaha ireo, dia marihina manokana ireto tranga manaraka ireto:

Tamin'ny 6 Febroary 2026, tokony ho tamin'ny 4 ora maraina, nisy polisy efatra nankao an-tranon'i Ramatoa Adolphe Razafindregaky Solange, 44 taona, monina ao amin'ny Fokontany Tanivao, kaominina ambanivohitr'i Ambahikily, mba hisambotra azy.

Ankoatra an'i Ramatoa Solange, dia voasambotra koa ireto olona manaraka ireto:

Andriamatoa Gervais Désiré, 49 taona

Andriamatoa Hery, 52 taona

Andriamatoa Mahanatsy, 28 taona

Andriamatoa Kamagnaritse Jeanty, 32 taona

Samy monina ao amin’ny Fokontany Ampagnarivo, Kaomina Tanandava Station.

Antony nisamborana azy ireo:

Voampanga ho naniraka olona hamono an'Atoa Mbola Romain, izay fantatra amin'ny anarana hoe "Pelakelena" (miaramila), i Ramatoa Solange, noho ny olana fifandirana eo amin’ny tany.
Voampanga ho namana mpiara-dia aminy amin’izany kosa Atoa Gervais Désiré.
Voampanga ho ireo nokasaina hanatanteraka ity teti-pamonoana olona ity ry Andriamatoa Mahanatsy, Kamagnaritse ary Hery.

Mpitory :

An'i Ramatoa Solange sy Atoa Hery, Kamagnaritse ary Mahanatsy: Andriamatoa Mbola Romain, fantatra amin'ny anarana hoe Pelakelena.
An'i Andriamatoa Gervais Désiré: Andriamatoa Mbola Romain sy Andriamatoa Zafisoa, mpanampy an'Andriamatoa Mbola Romain eny amin'ny saha.

Fanambaran'ireo olona voatazona:

Tamin'ny 7 Febroary 2026, nisy fanadihadiana natao. Nandà ny fiampangana avokoa ireo rehetra voatazona ary nilaza fa noforonina ny fiampangana. Milaza izy ireo fa tsy misy fifandirana amin'ilay mpitory, fa ilay mpitory kosa no mandrahona azy ireo, ka milaza fa hampiditra azy ireo am-ponja izy raha mandà ny hiala amin'ny taniny izy ireo.

Fisamborana vaovao:

Ny Alahady 8 Febroary 2026, tokony ho tamin'ny 4 ora maraina, dia nosamborin'ny polisy Andriamatoa Alifred, 75 taona, monina ao Ankotoboka, kaominina ambanivohitr'i Ambahikily.

Voampangan'ny olona iray hafa ho nandrahona hamono olona izay nomena tany iray avy amin'ny CAT izy. Mandà tanteraka ireo fiampangana ireo Andriamatoa Alifred.

Ny Talata 10 Febroary 2026, nentina teo anatrehan'ny Biraon'ny Fampanoavana ireo voasambotra. Nanapa-kevitra ny Fitsarana ambaratonga voalohany fa hotazonina am-ponja vonjimaika Ramatoa Solange sy Andriamatoa Gervais Désiré, raha navotsotra vonjimaika kosa ireo olon-kafa.

Vokatr'izany, nametraka fangatahana famotsorana tanteraka ho an-dRamatoa Solange sy Andriamatoa Gervais Désiré ny mpisolovava ny ny Alarobia 11 Febroary 2026, saingy mbola tsy nisy valiny azo hatreto.

**Ny zava-misy dia tsy mifanaraka amin'ny zava-nitranga ireo fiampangana ireo tena tompon-tany ireo momba ny fandrahonana hamono sy ny drafitra hamonoana. Tsy manaiky fotsiny ireo olona ireo ny hamela ny taniny ho alaina an-kafetsena na ho alaina ankeriny**

**Noho izany dia manao antso maika izahay**, satria manana zo izahay amin'ny maha-tantsaha anay ary tsy tokony hohadinoina na ho hitsakitsahana izany zo izany.

Ireto avy ny zon'ny tantsaha araka ny fenitra iraisam-pirenena sy ny lalàna Malagasy momba ny tany sy ny zon'olombelona:

Zo hitazona ny taniny

Manana zo hanana ara-dalàna sy hampiasa ny taniny ny tantsaha. Tsy azo alaina na zaraina ny tanin'izy ireo raha tsy misy antony ara-dalàna.

Zon'ny fitsarana ara-drariny

Raha misy fifandirana na fitoriana momba ny tany amin'ny mpampanofa na antokon'olona fahatelo, dia manan-jo hitady fitsarana ara-drariny ny tantsaha ary hisoroka ny fisamborana na fitazonana tsy ara-dalàna.

Zo handray anjara amin'ny fanapahan-kevitra momba ny tany

Tsy maintsy ampidirina handray anjkara amin'ny fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny fitsinjarana, ny fifampizarazarana na ny fanajariana ny tany ao anatin'ny fiarahamonina misy azy ireo ny tantsaha.

Zo hiarovana ny fambolena sy ny fomba fiaina

Tsy tokony hisy tetikasa fanovàna tànana na fizaràna tany hanimba ny asa fambolena ataon'ny tantsaha na ny fivelomany.

Zo hahazo vaovao

Manana zo hahazo vaovao mazava ny tantsaha momba ny fanovàna tànana, ny tetikasa fanajariana ny tany ary ny zon'ireo ankolafiny hafa ao amin'ny faritra.

Ambahikily 11 Februbary 2026

**Fikambanana Volirano Tsy miambany Firaisankina**

**Firaisankina ny Fiherenana, Manombo, Mangoky**